Volavolan'ny lalànan'ny tetibola 2

Ho 4,9% hono ny fitomboan'ny harin-karena amin'ny 2023

Ny Valosoa sy Hadihady 3

Mikorontana ambony ambany ny fitantanam-panjakana eto

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 24 novambra 2022 Laharana 1371 Vidiny : 600 Ar

Komity foiben'ny FFKM 2

Ametrahan'Andriamanitra adidy amin'ny firenena ny fiangonana

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Fitoriana ny Transparency International 2

Mikitika ny tsy fikitika ny GEL

Isan-taonan'ny Fifohazana FLM 2

Aoka isika tena hijoro amin'ny fahamarinana hoy ny filoha Ravalomanana

K25 Benelux 3

Hampandresy ny foto-kevitry ny filoha Ravalomanana

World Cup Qatar 2022 5

Tsara fanombohana i Maraoka sy Tonizia

67ha atsimo 6

Tsy manaiky ny fanorenana amin'ny zaridaina ny mponina

Fikambanana Hafari Malagasy 6

Manaja ny filaminana sy ny fandaminana momba ny resaka tany

Daka kely

Miala amin'ny doublons ve dia miditra amin'ny kopikolé fôpla nareo ry Boaikely a !

ISAN-TAONAN'NY FIFOHAZANA FLM

Aoka isika tena hijoro amin'ny fahamarinana hoy ny filoha Ravalomanana

Notanterahana ny talata teo teny Ambohibao ny isan-taonan'ny Fifohazana FLM (Fiangonana Loterana Malagasy). Nanatrika izany isan-taona faha-36 ny Fifohazana FLM tao amin'ny Toby Betesda Ambohibao izany, ny filoha Marc Ravalomanana. Ny teny Faneva nandritra izany dia ny hoe: "fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao, dia Jesosy Kristy" I Kor.3:11. Nisy ny lahateny fohy nataon'ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izany, niatrika ireo Fifohazana FLM avy amin'ny lafy valon'i Madagasikara. Nambarany tamin'io fotoana io fa:"aoka isika tena hijoro amin'ny Fahamarinana! Hijoro amin'ny Fahamasinana! Hifototra tokoa amin'ny Finoana." Nahazo fanasana manokana tamin'ny fiangonana FLM ny filoha Ravalomanana ny talata teo io, ary namaly izany fanasana izany ny tenany.

Ny filoha Marc Ravalomanana, niatrika ny isan-taonan'ny Fifohazana FLM teny Ambohibao.

Isambilo

Komity foibe faha-44 ny FFKM

Ametrahan'Andriamanitra adidy amin'ny firenena ny fiangonana

Tanterahana any Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro amin'izao fotoana ny komity foibe faha-44 ny FFKM : Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara. "Jereo fa omeko fahefana ianao anio amin' ny firenena sy fanjakana mba hanongotra sy hanjera, hanapotika sy handrava, ary hanorina sy hamboly" Jer 1:10, no loha-hevitr'izao komity foibe faha-44 ny FFKM izao, nanomboka ny talata 22 novambra teo ary hifarana anio 24 novambra 2022.

Fanompoam-pivavahana fanokafana ny komity foiben'ny FFKM tany Ambatondrazaka.

Fanopoam-pivavahana iraisam-pinoana no nanokafana izany tao amin'ny Eklesia Episkopaly Malagasy Santa Jakoba Mangarivotra, Ambatondrazaka, no nanatanterahina ny fotoam-pivavahana fanokafana. Ireo raiamandreny avy amin'ny FFKM faritany Ambatondrazaka no nitarika ny fotoana. Tonga nanatrika izany fotoana izao fotoana izao koa ny solontenam-panjakana notarihan'ny Prefet sy ny ben'ny tanàna any an-toerana.

Ny Mgr Ranarivelo Samoela Jaona avy amin' ny EEM, sady filohan'ny FFKM, kosa no nanokatra ny fotoana, ka nomarihany tamin'ny hafatra nozarainy fa: "velona ny fiangonana sady hametrahan'Andriamanitra adidy sy andraikitra eto amin'ny firenena sy ny fiaraha-monina".

Mitohy amin'ny vela-kevitra avoitra amin'ny alalan' ny fiangonana sy asambaomiera ny fotoana, andrasana anio ny fehin-kevitra amin'izany, indrindra ny momba ilay ho fanorenam-pirenena.

Isambilo

Fitoriana ny Transparency International

Mikitika ny tsy fikitika ny GEL

Nitory ny Transparency International Initiative Madagasikara (TIIM) eny amin'ny fitsarana misahana ny toekarena, ny vondron'ny mpandraharaha mpanondrana letchi, na ny GEL eto amintsika. Ny Transparency International dia fikambanana iraisam-pirenena miady amin'ny kolikoly, ka ny TIIM no solontenan'izy ireo misahana izany eto Madagasikara. Fikambanana iraisam-pirenena matanjaka izany erantany amin'ny ady amin'ny fahalovana. Ny fitoriana nataon'ny GEL ny TIIM izao dia karazana fikitihana ny zavatra tsy fikitika ihany, mba tsy hilazana hoe: mikitikitika vodin-tsoavaly ny GEL amin'izao fitoriany ny TIIM izao. Araka ny vaovao voaray omaly, notorian'ny Vondron'ny mpandraharaha mpanondrana "litchis", na ny GEL, Ramatoa Ketakandriana Rafitoson, Sekretera mpanatanteraky ny Transparency International Initiative Madagascar, noho ny ampamoaka nataon'ny Transparency International, fa nisy ahiahina kolikoly goavana ny fanondranana litchis avy eto Madagasikara tao anatin'ny 10 taona. Omaly tolakandro no voalaza fa natao famotorana Ramatoa Ketakandriana Rafitoson. Misy tombontsoa voakitikitika ao amin'ny GEL, no heverina fa nahatonga azy ireo nitory izao, ny TIIM anefa dia manana tambazotra matanjaka tokoa amin'ny fanaovan'izy ireo fanadihadiana lalina amin'ity resaka kolikoly ity, ka matoa izy ireo namoaka izany vokatry ny fanadihadiana nataony izany ary nanamafy fa nisy ny kolikoly avo lenta tao anivon'ny GEL amin'ny fanondranana letchi dia ao raha. Hitsikitsika tsy mandihindihy foana hoy ny fitenenana izay, fa ao raha.

Ramatoa Ketakandriana Rafitoson, sekretera mpanatanteraky ny TIIM.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Volavolan'ny lalànan'ny tetibola

Ho 4,9% hono ny fitomboan' ny harin-karena amin'ny 2023

Nitondra fanazavana mahakasika ny volavolan'ny lalànan'ny tetibolam-panjakana amin'ny taona ho avy 2023 tamin'ity herinandro ity, ny avy ao amin'ny ministeran'ny fitantanam-bola sy ny tetibola, notarihan'ny ministra Rindra Hasimbelo Rabarinirinarison. Efa mitohy amin'ny asam-baomiera eny Tsimbazaza ny fandinihana ity volavolan-dalàna ity amin'izao fotoana. Anisan'ny fantatra tamin'izany bokiben'ny volavolan'ny lalànan'ny tetibolam-panjakana izany, fa tombanana hahatratra 4,9% hono ny fitomboan'ny harin-karena anatiny faobe eto amintsika amin'ny taona ho avy io.

Efa voadinika sy narafitra tsara ve izany, hoy ny fanamarihan'ny mpahay toekarena? Ny zava-misy amin'izao fotoana mantsy, mbola tena ao anaty fahasahiranana ireo sehatry ny fihariana tena mampisondrotra ny harin-karena eto amintsika ankehitriny dia ny sehatra tsy miankina, mandalo fotoan-tsarotra izy ireo, satria tsy nisy ny fanampian'ny fanjakana tamin'ny valanaretina coronavirus ireny, sy ny olana naterak'izany. Anisan'ny iharan'izany fahasahiranana izany ankehitriny ny sehatry ny fanodinana, na ny indostria.

Manampy trotraka ny fahavoazan'izy ireo ny fanafaran'ny fitondrana, sy ny famelany amin'ny fanafarana be loatra entana isan-karazany avy any ivelany, izay mamono ny orinasa eto anatiny, tokony hampitombo ny harin-karena. Anisan'ny mbola misedra olana koa ny sehatry ny fizahantany, na dia efa manomboka miharin-doha ary ity sehatr'ity amin'izao fotoana, ho sarotra ny hahatrarana ny fitomboan'ny harin-karena novinavinain'ny fitondrana 4,9% io.

Ny seha-pamokarana ambaratonga voalohany: ny fambolena sy ny fiompiana koa ankehitriny dia mbola ao anaty krizy, ny fanafarana vary avy any ivelany dia mamono azy ireo, tsy misy na tsy ampy koa ny fanampiana azy ireo amin'ny famokarana, na zezika, na masomboly, na fitaovam-pamokarana, ka ho sarotra ho an'ity sehatra ara-toekarena ity koa, no hitondra ny anjara birikiny amin'izay hampakarana ny harin-karena arak'izay vinavinaina izay. Ny toky fitaka, fa ny atao no ho hita, amin'ny fanatanterahan'ny fitondrana izany lalànan'ny tetibolam-panjakana amin'ny taona ho avy izany.

Isambilo

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Landry A.

Ny Valosoa sy hadihady

Mikorontana ambony ambany ny fitantanam-panjakana eto

Efa ho tapitra ny fe-potoam-piasan'ny filoha Andry Rajoelina, fa ny zavatra tsapa sy hita amin'izao fotoana mikorontana ambony ambany ny fitantanan'izy sy ny mpiara-dia aminy ny tany sy ny fanjakàna . Natao ny propavandy fa handroso i Madagasikara , tsy hisy ny sakana fa avy hatrany dia asa mivaingana izay tsy vitan'ny mpitondra nifandimby tao anatin'ny 60 taona, no ho tontosaina ao anatin'ny 5 taona itondràny . Ankehitriny , ny mifanohitra amin'izany no hita . Maneho ny heviny avokoa ny rehetra mahita ny zavatra misy eto Madagasikara izay.

Ny mpanohitra ve no tsy mankasitraka ny programan'ny fitondrana Andry Rajoelina ? ny Mpanohitra ve no nitsipaka ny IEM izay natao nalaza be tamin'ny propavandy, ka nanao izay tsy nahatontosàna ireo velirano miisa 13 tao anatin'ny 4 taona nitondràny izay ? Tsia avy hatrany no valiny. I Andry Rajoelina sy ny MAPAR mihitsy no nitsipaka sy nanilika ny IEM. Ny fanolorana ny PEM farany teo dia midika hoe "tsy izy avokoa ireny nolazainy tamin'ny 2018 sy ny nataony nandritra ireny 4 taona ireny, fa ireto programme atolony vaovao ireto indray izao no tena izy". Midika koa hoe "tamin'ireny 2018 ireny izy tsy nila ny Banky Iraisam-pirenena sy ny FMI ary efa nanana mpamatsy vola, fa amin'ireto manaraka ireto indray kosa tena miantso ny mpampiasa vola hiara-hiasa aminy". Midika hatrany koa hoe "tamin'ireny 2018 ireny izy tena namita-bahoaka, nanao izay nahazoana fanjakana fotsiny i Andry Rajoelina, fa amin'ireto manaraka ireto indray kosa, mampanantena fa tena hanao zavatra izy ireo ". Ny fanirian'i Andry Rajoelina dia ny hoe "voafafa ao an-tsain'ny Malagasy avokoa ny zavatra nolazainy nanomboka ny taona 2018". Raha mbola azony atao ny mamafa ireo horonantsary, lahatsoratra ary sary any anatin'ireny Internet sy facebook ireny dia nataony. Mila misaina tsara ny Malagasy amin'ny hametrahana ny tongotra amin'ny fifidianana manaraka eo , aoka tsy ho voafitaka intsony ianareo hoy ny filoha Marc Ravalomanana izay tany Morondava nandritra ny fankalazàna ny faha-20 taona ny antoko Tiako i Madagasikara: TIM. Efa tonga saina avokoa ny rehetra amin'izao fotoana tamin'ireny, sy ireny lainga isan-karazany natao sy ataon'ny fitondrana Rajoelina ireny, ka heverina fa tsy hisy intsony ny hinia hikimpy, ka mbola ho sodokan'ny teny tsara lahatra mifono fitaka ataon'izy ireo.

Helisoa

Fanafarana entana be loatra ataon'ny fitondrana

Mamono ny mpandraharaha Malagasy hoy ny depiote Feno

Nivahiny tamin'ny fandaharana Miara-Manonja ny MBS Radio sy TV ary ny Radio Mada omaly, ny depiote Feno Ralambomanana voafidy tamin'ny antoko TIM, tao amin'ny Boriboritany faha-3. Nambarany tamin'izany, fa mamono ny mpandraharaha eto Madagasikara ny fanafarana entana lava sy be loatra ataon'ny pitondra fanjakana ankehitriny. Na ireo mpampiasa vola ihany koa hoy izy izao dia matahotra hanao "investissement", na fampiasam-bola eto amintsika noho ny zavatra rehetra eto Madagasikara tsy misy mandeha amin'izay laoniny, vokatry ny tsy fahaiza-mitantan'izao fitondrana Rajoelina izao.
Potika tanteraka ny fiharian'ny mpandraharaha amin' ny hafitsoky ny karàna sy sinoa izay omen-dRajoelina sy ny forongony vahana , amin'ireo karazana korontan ' entana tsy mahasoa sy tsy manampy ny vahoaka akory.

Stefa

Ny depiote Feno Ralambomanana, voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-3.

K25 BENELUX

Hampandresy ny foto-kevitry ny filoha Ravalomanana, hamerina azy amin'ny fitondrana

Tafaresaka tamin'ny filohan'ny K25 Benelux, Hery Rasoamanana, ny gazety Ny Valosoa Vaovao mahakasika ny raharahampirenena. Ny K25 Benelux dia ny komity mpanohana ny filoha Marc Ravalomanana laharana faha-25 tamin'ny fifidianana ny taona 2018, any Benelux na: any Belgique, Nederland ary Luxembourg.
Tsy natory ny K25 Benelux hatramin'ny taona 2018, na efa vita aza iny fifidianana iny hoy i Hery Rasoamanana, miasa hatrany ny komity ary mikatsaka ny fahamarinana hatrany, hita izany amin' ny tambazotran-tserasera facebook. Ny tanjona hoy izy dia hampandresy ny foto-kevitry ny filoha Marc Ravalomanana sy hamerina azy amin'ny fitondrana amin'ny taona ho avy 2023. Raha tsiahivina kely ny tantara, KMMR Benelux ity komity ity tamin'ny fifidianana ny taona 2002, niova ho K25 Benelux izany tamin'ny fifidianana filohampirenena farany teo teto amintsika. Ny tanjona hatrany hatrany dia ny fampandresena ny foto-kevitry ny filoha Ravalomanana momba ny fitantanam-pirenena, izy izay manana traikefa amin'ny MAP 1 sy MAP 2 (Madagasikara Am-Perinasa) ho amin'ny fampandrosoana haingana sy maharitra ny firenena. Tsy misy fampanantenana poakaty ny an'ny filoha Ravalomanana, ary miara-mientana ny rehetra ho fanatrarana ny tanjona. Resy lahatra amin'izay rafi-pitantanan' ny filoha Ravalomanana izay ny K25 Benelux hoy ihany Hery Rasoamanana. Manaraka ny ara-dalàna hatrany ny filoha Ravalomanana hoy izy, izay no ilana fikaonandoham-pirenena hisian'ny fifidianana am-pahamarinana. Efa misy sahady mantsy ny fiomanana amin' ny hala-bato ankehitriny ary ny fitondrana Andry Rajoelina amin'izao fotoana dia lany tamin'izay hala-bato izay, tamin'ny alalan'ny "doublons". Ka ny fikaonandoham-pirenena dia hahafahana manadio sy mandrafitra ary manome antoka, fa hangarahara ny fifidianana ho avy. Tsy fotoanan'ny fanonganana ihany koa izao hoy ny K25 Benelux, na izany aza mety hiongana ho azy aza izao fitondrana Rajoelina izao noho ny lainga lava hafafiny: ny lainga toy ny salaka hoy izy, ka ny tompony ihany no hafatony. Ny Vondrona Eoropeana, sy ny iraisam-pirenena ihany koa hoy Hery Rasoamanana dia mitaky ny hanatanterahana io fikaonandoham-pirenena io eto amintsika, izay fototra ho an'ny tany Repoblikana sy mandala ny demokrasia.

Isambilo

Hery Rasoamanana, avy amin'ny K25 Benelux.

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Andry R.

TONONKALO

INONA NO ATAHORANA ?

Inona ho ijoroana inona no irotsahana,
Nefa tsy matoky tena tsy araka ny fidedahana ?
Vao mihetsika ny hafa mba mitety faritany,
Dia mandeha ny sakantsakana sy ny fomba tena ambany ?

Angaha tsy hoe ianao indray ilay raikalahy tena mafoaka ,
Ilay miseho fa hoe milay no sady akaikin`ny vahoaka ?
Ka nahoana no matahotra ary koa mihorohoro,
Raha vao misy ny miseho, raha vao misy ny mijoro ?

Dia tsy maintsy tetidratsy no iatrehana an`izany ?
Tsy mba misy fomba tsara fa tsy maintsy fomba ambany ?
Tsy mba miezaka hisongadina amin`ny fomba tsara rindra,
Fa dia ny fankahalana , izay no lehibe indrindra ?

Moa tsy namana daholo ireo ambony nomen-toerana,
Fa nailika daholo izay avy amin`ny fanoherana ?
Ary ireo mpikarakara na ireo hamoaka didy,
Moa tsy efa nofantenana , efa naman`ny voavidy ?

…Ka dia inona indray no mbola tena atahorana,
Ary koa tsy mampilamina anareo ry fozaorana ?
Aoka hahalala menatra raha dia hoe izao sahady
Dia efa tena mihorohoro toy ny efa ho resy an`ady !

TSIMIMALO (21-11-22)

NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00
gvalosoa@yahoo.com

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny famoahana ireo nahavita fiofanana momba ny Call Center teny Ambohimanarina, nokarakarain'ny Tanora TIM Ambohimanarina.

Ireo mponina etsy amin'ny 67ha atsimo, tsy manaiky ny fananganana foto-drafitrasa amin'ny zaridainan'izy ireo, na espace vert.

NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

"Tsofy ao Ziona ny anjomara! Ary miantsoa mafy ao an-tendrombohitro masina! Aoka hangovitra ny mponina rehetra amin'ny tany; fa avy ny andron'i Jehovah, eny, efa antomotra izany."
Joela 2:1

World Cup Qatar 2022

Tsara fanombohana i Tonizia sy Maraoka

Tsara fanombohana ny solontena Afrikana: Tonizia sy Maraoka amin'ny Mondial 2022, na ny World Cup Qatar 2022. Samy nanao ady sahala tamin'ny mpifanandrina taminy avy izy ireo: Tonizia sy Danemark nisaraka ady sahala 0 sy 0, toy izany koa omaly, Maraoka sy Croatie nisaraka ady sahala 0 sy 0 ihany koa. I Senegal no lavon'ny nifandona taminy, I Nederland na I Hollande, tamin'ny isa 1 no ho 2, tamin'ny lalao voalohany nataony ny alatsinainy teo.
Ankoatra izany momba ity Mondial any Qatar ity, mbola handrandrain'ny maro ny ekipan'ny Auriverde Breziliana amin'ity "World Cup Qatar 2022". Marihana fa anio alakamisy 24 novambra ry Neymar sy ny namany no hiakan-tsehatra voalohany any Qatar, ka hifanandrina amin'i Sebie amin' ny 10 ora alina (ora Malagasy) i Suisse sy Cameroun kosa no hifampitana ao amin'ny vondrona G misy azy ireo amin'ny 1 ora antoandro Malagasy. Ao amin'ny vondrona H kosa anio i Uruguay hifampitana amin'i Corée Atsimo amin'ny 4 ora tolakandro gasy ary i Portugal hifampitady amin'ny Ghana amin'ny 7 ora hariva Malagasy hatrany. Nitohy tamin'ny talata 22 novambra ny andro voalohany isambondrona amin'ny "Mondial Qatar 2022" ka ry zareo tao amin'ny vondrona C sy vondrona D indray no niakan-tsehatra tamin'izany ka nisongadina tamin'izany an-daniny ny nandavoan'i Arabie Saoudite 2 -1 an'i Argentine notarihan'ilay kalaza Lionel Messi. Tetsy an-kilany kosa i Frantsa tompondaka farany tsisy Karim Benzema dia nandavo an'i Tsiahivina ireo voka-dalao tamin'ny talata 22 novambra 2022 Vondrona C : Argentine 1-2 Arabie Saoudite, Mexique 0-0 Pologne. Vondrona D : Danemark 0-0 Tunisie, France 4-1 Australie. Omaly alarobia 23 novambra 2022 dia ry zareo ao amin'ny vondrona E sy ao amin'ny vondrona F no niakatra kianja voalohany amin'ity fifaninanana ity.

Rainilita

Ny ekipam-pirenena Maraokana amin'ny Mondial any Qatar.

Cospn niatrika ny Road To Bal Elite 16

Lavon'ny City Oilers Ougandais 71-59

Tamin'ny talata 22 novambra 2022 teo, tao amin'ny kianja "Ellis Park Arena – Johannesburg" Afrika Atsimo, no niatrika ny lalao voalohany handraisany anjara amin'ny fifaninanana basikety "Road To Bal Elite 16 Afrique du Sud" ny Cospn solontena Malagasy. Lavon'ny ekipan'ny City Oilers Ougandais tamin'ny 71 – 59 izy ireo tamin'io lalao io. Omaly alarobia 23 novambra 2022 kosa izy ireo dia nifanandrina tamin'ny Ferroviario da Beira Mozambika ary amin'ny andro faha-3 dia hifampitana amin'ny ny ekipan'ny Matero Magic, Zambia.

Rainilita

Ny ekipan'ny Cospn, any Afrika Atsimo.

Orange Pro League 2022/2023

Lalao 3 any Avaratra ary lalao 4 any Atsimo

Lalao 3 any Avaratra ary lalao 4 any Atsimo no hatrehana amin'ny fifaninanana baolina kitra « Orange Pro League 2022/2023 » amin'ny andro faha-2 amin'ny asabotsy 26 sy alahady 27 novambra 2022 ho avy izao. Fandaharan-dalao rehetra "Conférence Nord" Asabotsy 26 novambra 2022 Kianja "Barikadimy Stadium Toamasina » : 14:30-As Fanalamanga # Asa Diana Alahady 27 novambra 2022 Kianja "Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa» : 14:30-Zanakala Fc # Dato Fc Kianja "Barikadimy Stadium Toamasina" : 14:30-Tia Kitra # Cosfa "Conférence Sud" Asabotsy 26 novambra 2022 Kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass» : 14:30-Mama Fc # 3Fb Toliara Alahady 27 novambra 2022 Kianja Kianja "Stade Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa" : 14:30-Zanakala Fc # Dato Fc Kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass" : 14:30-Cffa # Disciples Fc Kianja "Terrain Synthétique Mahitsy" : 14:30-Jet Kintana # Elgeco Plus.

Rainilita

Pro League Malagasy.

Sakafo Ny Valosoa

Tsaramaso sy hebaolina indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fanafana natoraly ho an'ny aty marary

Fanafana natoraly ho an'ny aty marary indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Aty marary: hepatite , aty matavy , rano amin'ny aty , vato amin'ny aty , homamiadana amin'ny aty,…
Zavatra ilaina:
- Karaoty,
- Betterave,
- Tamotamo
-Amande.
-Noyer,
- Voasarimakirana,
-Goji,
-Rano
Mixer-na miaraka ireo dia sotroina isa-maraina, afaka asiana tantely kely . 1 vera no sotroina.
Ajanona ny siramamy , lafarinina, menaka be , huile d'olive na menaka oliva ampiasaina .

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Belavabary any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Belavabary any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Belavabary ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Any atsimo andrefan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana izy, satria 945 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka.

FIKAMBANANA HAFARI MALAGASY

Manaja ny filaminana sy ny fandaminana momba ny resaka tany

Olan'ny tany vao nohajarian'ny fikambanana Hafari Malagasy eny Anosizato Atsinanana, ao amin'ny Boriboritany faha-4 eto Antananarivo Renivohitra, nanambara ny filohan'ity fikambanana ity Rafanomùezantsoa Jean Nirina ny alakamisy teo raha nitafa tamin'ny mpanao gazety momba ity raharaha ity, fa manaja ny filaminana sy ny fandaminana izy ireo. Nangataka tamin' ny Hafari ny mpanao fanatanjahantena maro, mba hanamboarana ny kianja eny ANOSIZATO ity hanaovana fanatanjahantena. Araka izany dia nisy ny fangatahana natao tamin'ny manam-pafahefana teto Analamanga . Nanaiky ny anaovan'ny Hafari ny kianja ny tompon'andraikitra, kanjo rehefa vita ny asa fanamboarana, izay nandaniana vola dia nolavin'ny Préfet an'Antananarivo ny saika hanaovana lalao rugby teo amin'ny kianja ny alahady teo, fa nolazaina fa tany manan-tompo indray izany. Tany tsy azo anorenana ny tany nohajariana io hoy izy, ka tokony hatao ho fanaovana fanatanjahantena ho an'ny tanora eny amin'ny manodidina ihany.

Ny filohan'ny fikambanana Hafari, nitafa tamin'ny mpanao gazety, tetsy amin'ny 67 ha atsimo.

Niaina

67ha atsimo

Tsy manaiky ny anorenan-javatra amin'ny zaridaina ny mponina

Nitrangana savorovoro tetsy 67ha Atsimo afak' omaly maraina. Tsy manaiky ny anorenan-javatra amin'ny zaridaina, na espace vert ao an-toerana ny mponina. Mikasa hanangana trano eo amin' ilay "espace vert" ao afovoan'ny Cité ny tompon' ny sekoly ABC School, ka notoherin'ny fokonolona izany.

Nahangona sonia 300 ny fokonolona manodidina, izay nanazava fa misy fitaovana toy ny bizo izay fivarinan'ny rano ao ambanin'io toerana io, no sady efa nifanarahan'ny fokonolona fa tsy azo hanorenana eo. Efa fanindiminy amin'izao no nisy olona nikasa hanangana teo amin'io toerana io, saingy tsy nahavita nanohy noho ny fandavan'ireo mponina hatrany.

Ireo mponina etsy amin'ny 67ha atsimo, nanohitra fananganana foto-drafitrasa amin'ny zaridaina.

Ho an'ireo mponina eny an- toerana dia kolikoly no ao ambadik'izany rehetra izany.

Ilay olona mikasa hanangana fotodrafitrasa eo kosa dia nilaza fa novidiany tamin'olona io tany io ary nahazo "autorisation" tamin'ny CUA: kaominina Antananarivo Renivohitra izy ireo amin'io fananganana kasainy atao. Voalaza fa kolonely mbola am-perinasa no tompon'ity sekoly mikasa hanangana foto-drafitrasa amin'ny zaridaina ity.

Stefa

Faritra Atsimo Atsinanana

Nihena ny vokatra letchi vokatry ny rivodoza nandalo teto

Nihena ny vokatra letchi any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana vokatry ny rivodoza Emnati nandalo teto amintsika, tamin'ny fiandohan'ity taona ity.

Fantatra fa efa nisokatra ny alahady 20 Novambra 2022 lasa teo ny taompiotazana letchi ho an'ny Faritra Atsimo Atsinanana.

Nanomboka roa andro talohan'ny fisokafan'ny taom-piotazana letisia tany amin'ny faritra Atsinanana ny tany amin'ny faritra Atsimo Atsinanana.

Ny alahady 20 Novambra dia efa nalalaka ny tsenan'ny letisia any an-toerana araka ny didim-pitondrana noraisina teo anivon'ny Faritra.

Somary nihena ny vokatra raha oharina tamin'ny taona lasa noho ny fandalovan'ny rivodoza "Emnati" tany amin'ny faritra Atsimo Atsinanana. Nanampy trotraka koa ny tsy fisian'ny rotsak'orana amin'ny vanim-potoana ilan'ny vokatra izany.

Letchi, vokatra fanondrana ho an'i Madagasikara koa.

Noho izany rehetra izany dia nandrasana ho matoy tsara ny letisia vao notazana, ary azo namidy. Vinavinaina ho 5000Ar ny iray garaba amin'izany.

Ho an'ny faritra Fitovinany sy Vatovavy kosa dia nisy ny fidinana ifotony nataon'ireo tompon'andraikitra avy amin'ny Fitaleavam-paritry ny varotra sy ny avy amin'ny Fitaleavam-paritry fambolena ary ny Faritra, ny herinandro lasa teo, nijerena raha efa matoy ny letisia.

Hita fa miandry rotsak' orana kely izany dia efa tokony ho azo hanina.

Hisokatra tsy ho ela koa ny taom-piotazana 2022 any amin'ny faritra Fitovinany sy Vatovavy.

Ho an'ny tany amin'ny faritra Atsinanana, 1300Ar ny vidin'ny iray kilao handraisan'ny mpanondrana azy avy any amin'ny mpanangom-bokatra.

Nahatratra 1075 ny isan' ny Agréments nivoaka tao amin'ny Faritra Atsinanana hatreto, fa mbola mitohy eny amin'ny barrière ny fakana izany ho an'ireo taraiky.

Sambo roa no hitaona ny vokatra mankany Eoropa dia ny Atlantic Clipper: 8400 taonina sy ny Baltic Clipper hitondra: 5400 taonina.

Stefa

Tompondakan'ny Karate 2022 UFAK

Amin'ny 28 novambra no hanomboka any Durban

Ho tontosaina any Durban amin'ny 28 novambra 20222 ho avy izo ny fiadiana ny ho tompondakan'ny Karate 2022 UFAK, ka tsy hifarana izany raha tsy amin'ny 4 desambra 2022 ho avy izao. Ireo athleta sangany eto amin'ny kaontinanta no voatendry handeha ho any Durban hifaninana amin'ny hetsika izay hanangonana ny sokajy Senior, Cadet, Junior ary U 21, ka ao amin'ny kianja "Olive Convention Center", no hanatanterahana izany. Athleta maherin'ny 300 avy amin'ny firenena 23 no handray anjara amin'ny fifaninanana. Marihana fa tany Ejipta no nanaovana ny andiany farany tamin'ity fifaninanana ity tamin'ny taon-dasa, ka ny firenena nampiantrano no nandrombaka ny medaly be indrindra niisa 38, nahitana volamena 26, narahin'i Alzeria sy Tonizia.

Rainilita

Karaté Ufak.

FIBA 3x3 Africa Cups 2022 – Open

Mpilalao 4 amin'ny 6 nantsoina handrafitra ny 3x3 Malagasy

Efa ao anatin'ny fampivondronana tanteraka ankehitriny ny ekipam-pirenena 3x3 vehivavy malagasy hiatrika ny Fiadiana ny Amboaran'i Afrika taranja Basketball 3x3 "FIBA 3x3 Africa Cups 2022 - Open", izay hatao amin'ny 3 sy 4 desambra 2022 ho avy izao any Le Caire - Egypte. Mpilalao miisa enina (06) no nampanantsoin'ny FMBB "Federasiona Malagasy Basketball" hiatrika an'izany fampivondronana izany ka etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina izy ireo no manao fanarazan-tena ao anatin'izany. Efatra amin'izy 6 mirahavavy nantsoina ireo, no handrafitra tanteraka an'izany ekipam-pirenena 3x3 malagasy izany : 1-JAOFERA Minaoharisoa Christiane 2-ANDRIAMIHAJANIRINA Sydonie Marie Erica 3-HAJANIRINA Harisoa Muriel 4-SAMBATRARIMIORA Tokiniaina 5-RAHERIMANANA Rondro Emeranchine 6-RASOANOMENJANAHARY Lalaina Mpanazatra : - RAZANANIRINA Prisca.

Rainilita

Basket 3x3 vehivavy Malagasy.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 19/11/2022 hatramin'ny 26/11/2022

- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1371-11-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA

Mampandroso ny fampanjakana ny rariny eto Madagasikara i Etazonia

Tena zava-dehibe tokoa ny ezaka fampanjakana ny rariny amin'ny fiarovana ny tontolo iainana eto Madagasikara, mba hamonjena ny zavamananaina tsy manam-paharoa eto amin'ny firenena tsy ho lany tamingana. Tamin'ny 17 Novambra lasa teo, ny governemanta amerikana, tamin'ny alàlan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID), dia nanao atrikasa andatabatra boribory, mba hamahana ny tsy rariny amin'ny fanimbana tontolo iainana sy hampiroboroboana ny fampiasana amim-pahendrena sy maharitra ny harena voajanahary sarobidy eto amin'ny firenena. Ny fampanjakana ny rariny amin'ny fiarovana ny tontolo iainana dia miantoka ny fampiharana mahomby ny lalàna momba ny tontolo iainana, ny sazy mandaitra ho setrin'ny fitondran-tena ratsy manimba tontolo iainana, ary ny fizarana ara-drariny ny tombontsoa azo avy amin'ny loharanon-karena voajanahary.

"Manjavona ny ala sy ny toeram-ponenan'ireo zavamananaina, atahorana ho lany tamingana ny biby sy zava-maniry, ary iharan'ny tsy rariny ny vondrom-piarahamonina eny ifotony, ka mitarika azy ireo handika lalàna mba hivelomana", hoy ny Talen'ny Biraon' ny Tontolo Iainana ao amin'ny USAID/Madagasikara, Agathe Sector, nandritra ny atrikasa. "Na dia eo aza ny ezaka mendri-piderana hanarenana ny tsy rariny, dia mbola manembatsembana hatrany ny tsimatimanota, ny kolikoly, ary ny tsy fisian'ny fampiharana ara-drariny ny lalàna velona. Misy ny rafitra ara-dalàna, saingy tsy ampy ny fampiharana azy ireo. Lafiny lehibe amin'ny fitondrana tsara tantana eto Madagasikara amin'izao fotoana izao ny fahaizana mitantana ny harena voajanahary amin'ny fomba hentitra, mizara mira, ary ara-drariny.

Atrikasa niarahana tamin'ny Amerikana, momba ny fiarovana ny tontolo iainana eto amintsika.

Nandritra ny atrikasa dia niaranivory ny solontenan'ny sampan-draharaham-panjakana, ny mpikambana ao amin'ny Fiarahamonim-pirenena ary ny fikambanana mpiaro ny tontolo iainana, mba hanombanana ny fahombiazan'ny rafitra ara-dalàna momba ny tontolo iainana eto Madagasikara, hiantso ny fanitsiana ny politikam-pirenena, hamantatra ny paikady ilaina, ary hanasongadinana ny fampiharana mahomby kokoa amin'ireo fandaharan'asa efa misy. Ireo mpandray anjara koa dia nandrafitra angom-panapahan-kevitra maromaro ho fanamafisana ny fampanjakana ny rariny amin'ny fiarovana ny tontolo iainana eto amin'ny firenena. Nisy ihany koa ny drafitrasa novolavolaina, ho fanantanterahana ireo angom-panapahan-kevitra ireo.

Ireo mpandray anjara tahaka ny Tafo Mihavo, izay tambazotran'ny Mpitantana ny Harena Voajanahary eto Madagasikara, sy ny Groupe d'Etude et de Recherche sur les Primates de Madagascar (GERP), ary ny Fivondronan'ny Mpiantsehatra amin'ny Fananantany, dia nanentana ny solontena avy amin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy, ny Fitsarana, ary ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananantany, mba hamahana ireo olana goavana toy ny faminandrana ny harena voajanahary, ny fitantanana ny loharanon-karena ho an'ny vondrom-piarahamonina ifotony ary ny maha-zava-dehibe ny fampiharana ny lalàna velona.

Nohamafisin'izy ireo ihany koa ny fifandraisana lehibe misy eo amin'ny fananantany sy ny rariny ara-tontolo iainana, ary ny fiantraikan'ny fomba fitantanana ny harena voajanahary, toy ny fiarovana ny loharanon-drano fisotro, amin'ny fahasalaman'ny olombelona. Nohamafisina tamin'izany ny maha-zava-dehibe ny fitsinjaram-pahefana eo amin'ny fampiharana ny lalàna sy ny fanomezana fahefana ny vondrom-piarahamonina eny ifotony amin'ny alalan'ny dina sy ny fananganana lalàna vaovao momba ny fampiasana ny tany.

Amin'ny alalan'ny tetikasa Hay Tao izay misehatra amin'ny fitantanana ara-drariny ny harena voajanahary, ny USAID dia manohana ny andrim-panjakana eto Madagasikara amin'ny famolavolana politika sy ny fampiharana ny lalàna momba ny tontolo iainana sy ny fananantany, mba hanatsarana ny rafitra ara-dalàna amin'ny fitantanana ny harena voajanahary. Mijoro miaraka amin'i Madagasikara toy ny "mpirahalahy mianala " i Etazonia, mba hanampy amin'ny fiarovana ny zavamananaina tsy manam-paharoa eto amin'ny firenena. Nanomboka ny taona 2013 dia nanome 60 tapitrisa dolara mahery ny USAID, mba hampiroboroboana ny fampandrosoana lovainjafy, hanatsarana ny fiveloman'ny vondrom-piarahamonina eny ifotony, hanamafisana ny fitantanana ny harena voajanahary, hampiatoana ny fanondranana biby an-tsokosoko, ary hiarovana ny ala amin'ny fitrandrahana tsy ara-dalàna.

Aly

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)
N° 413



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0412)

Mitsivalana
- Soritana
- Avo – SN
- Mianatra
- Pirina
- Azo – AT
- Volo – Ray
- Ondana

Mitsangana
- Sambava
- Ovy – Zo
- Roapolo
- Ny – No (miv)
- Tsara
- Antitra
- RN – Na (miv)
- Ao – Avia

TENY MIFANAPAKA N° 413



Mitsivalana

1. Olona avy ivelany **2.** Vokatry ny tany – Neny **3.** Loka ifaninanana – Anelanelan'ny hazo **4.** Aro moka – Nivolana **5.** Simba, masiso (miv) – Mitovy **6.** Bibikely – Eny amin'ny habakabaka **7.** Maneho fivoriambe – Fisotro **8.** Faran-teny – Tondra (miv) **9.** Fitaovana maranitra (miv) – Ranom-bava **10.** Tadiavina, tiana – Mpanondro

Mitsangana

A. Maneho filaharana **B.** Mponina eto Madagasikara **D.** Dera sy laza – Renintsoratra mitovy **E.** Afovoany – Omby **F.** Nandalinanay **G.** Hita amin'ny trano avo **H.** Miahiahy tsy matory **I.** Mampisafidy – Aro orana – Kianteny **J.** Tanàna iray any Atsimo Atsinanana **K.** Fitoeram-boninkazo – Asa

Valiny Teny mifanaraka 0412

Mitsivalana

1.Manenina 2. Adina - OM 3. Nifanohana 4. Diovin(a) 5. Rambo - Ao 6. Ela (miv) - Minoa (miv) 7. Tara - Tapak(a) 8. Olitra 9. Analamao 10. Ovao - Nandà

Mitsangana

A Manarato B. Ady - Valala (miv) D. Nifamerina E. Ena - Atao F. Nandoa - RM G. O.I - Naato (miv) H. Nahoana - La I. Nampiova (miv) J. Ony - Ma - Do (miv) K. Amany - KG

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa, N.

Ny filoha Marc Ravalomanana, nanatrika ny isan-taonan'ny Fifohazana FLM, teny amin'ny fiangonana FLM Ambohibao.

Ny fotoam-pivavahana fanokafana ny komity foiben'ny FFKM tany Ambatondrazaka ny talata teo.